# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY :** Faha Dimy A
**Lesona** : fahatelo

**« NY NITANA NY RANOMASINA MENA SY NY FIAINANA TANY AN'EFITRA »**
**(Eksodosy 14;15;16; Nom 21,4-9)**

## 1. Ny lalana nizoran'ny zanak'Israely sy ny nit{na ny ranomasina Mena (Eks14)

- Nanenjika ny Zanak'Israely ry Farao sy ny miaramilany rehefa nanenina tamin'ny fandefasana azy ireo hiala ny tany Egypta.
- Tapi-dalan-kaleha ny Zanak'Israely satria ao aoriana ny Egyptiana ary ny ao aloha ny ranomasina mena.
- Ny nataon'ny Zanak'Israely manoloana izany dia ny nitaraina tamin'Andriamanitra Mpamonjy.
- Tsy nitazam-potsiny anefa Andriamanitra fa niaro (andri- rahona sy andri-afo) sy niady (nanafotra ny
- Egyptiana tamin'ny ranomasina mena) ho an'ny Zanak'Israely.
- Vokany afa-doza ny Zanak'Israely ary tapitra hatreo ny fanenjehana sy ny fanandevozana ka nisaotra sy nidera an'Andriamanitra (Eksodosy15).

***→ Mampianatra antsika hitaraina Aminy Andriamanitra Mpamonjy antsika manoloana ny zavatsarotra miseho eo amin'ny fiainana.***

## 2. Ny mana sy ny papelika ary ny rano hosotroina (Eks 16;17,1-7)

- Rehefa tonga tao amin'ny efitr'I Sinay, noana ny zanak'Israely ka nila ady sy nanome tsiny an'I Mosesy.
- Fimonomononana = endrika fanehona tsy fahatokisana an'Andriamanitra ILAY namonjy sy nanafaka (Eks16:8).
- Araky ny Eks 16:11-12 dia ren'Andriamanitra ny fimonomononan'ny zanak'Israely ka tapa-kevitra Izy fa hanome azy ireo mofo ("Mana" na Inona itony?) izay solom-bary amintsika, sy henam-borona (Papelika).
- Nisy fepetra ny fanangonana ireo: ny sahaza isan'andro ihany no angonin'ny isam-pianakaviana ary amin'ny andro faha-enina dia ampitomboina in-droa avo heny mba hohanina ny ampitso Sabata. - Nihinana ny Mana sy ny Papelika nandritry ny 40 taona ny zanak'Israely.
- Nizotra hatrany ny dian'ny zanak'Israely ka tonga tao amin'ny efitr'I Refidima.
- Tsy nahita rano nosotroina ry zareo ka nimonomonona indray.(Ny fimonomononana moa midika inona?)
- Nefa na dia izany aza dia notoloran'Andriamanitra rano izy ireo. Nasain'Andriamanitra nokapohin'I Mosesy tamin'ny tehiny ny haram-bato tao Horeba ka namoaka rano.

***→ Tena miahy ny fiainan'ny olony Andriamanitra ka mandray an-tanana ny hanina hohaniny sy ny rano hosotroiny.***

***→ Na dia tsy matoky Azy aza ny zanak'Israely dia mbola nomeny ihany. Midika izany fa tena tia ny olony Andriamanitra.***

***→ Mila mitandrina isika fa ny zava-tsarotra miseho eo amin'ny fiainana , matetika, no mitarika antsika tsy hahatoky an'Andriamanitra.***

## 3. Ny menarana varahina (Nom 21,4-9)

- Nimonomonona indray ny zanak'Israely manoloana ny halaviran'ny l{lana mankany amin'ny tany Kanana. (Nomery 21:4-5)
- Nandefa menaran'afo ho valin'ny tsy fahatokisan'ny zanak'Israely Azy Andriamanitra; Ka izay voakaikitr'io biby io dia maty avokoa.
- Nahatsiaro ny fahadisoany ny zanak'Israely ka nifona tamin'Andriamanitra.
- Tsy nesorin'Andriamanitra anefa ny menarana afo fa fanafody no nomeny. Nasainy nanao menarana varahina ahantona tamin'ny hazo I Mosesy, ka izay nijery izany dia sitrana na dia voakaikitry ny menarana afo aza.
- Na dia narary sy mafy tamin'ny Israely aza ny nataon'Andriamanitra dia hita fa namonjy ny vahoakany Andriamanitra.
- Tandindon'I Jesoa Kristy Ilay nahantona sy nombohana tamin'ny hazo fijaliana ny menarana varahina nataon'I Mosesy. Ka izay mino sy mahatoky AZY (Jesoa Kristy) no hananana fiainana mandrakizay. (Jaona3:14-15 sy Jaona 6:40)

***→ Mikapoka ny olona tsy mety mino sy mahatoky Azy Andraimanitra. Manafay Izy mba ho fitaizana ny olona fa tsy hampahory azy akory.***

***→ Tsy vitan'Andriamanitra ny hijery fotsiny ny olony ao anaty fijaliana, fa manolotra famonjena ho azy ireo IZY.***

**TSIANJERY :**

**FITOMANIANA 3 :31-33 « Fa tsy hanary mandrakizay ny Tompo; eny, fa na dia mampahory aza izy dia mbola hiantra ihany araka ny haben'ny famindram-pony, fa tsy sitrany ny mampahory na mampalahelo ny zanak'olombelona »**

Ny Mpampianatra Toky RAZAFINDRAIBE